# NY FOMBA SY NY HEVITRY NY TSANGAMBATO AO AMIN'NY FARITR'ANOSIBE AN'ALA

**Michel RAZAFIARIVONY**
Institut de Civilisations
Université d'Antananarivo

Fahita amin'ny faritra maro eto Madagasikara ny fanorenana tsangambato ho an'ny maty. Mampiseho io fomba io fa misy endrika finoana sy fisainana iombonan'ny Malagasy manoloana ny fahafatesana. Antony iray lehibe manosika ny fandalinana ny fomba amam-panao isan-karazany izany, satria manaporofo ny firaisana tantara, manamafy ny fahatsiarovan-tena ho iray, ary indrindra mitarika amin'ny firaisan-kina eo amin'ny fampandrosoam-pirenena. Na dia mety hisy aza mantsy ny fahasamihafana eo amin'ny fanatanterahana ny fomba ivelany, dia azo lazaina fa maivana ihany ireny raha oharina amin'ny tena votoatiny.

Koa ny nanaovana ny fanadihadiana dia tao amin'ny Fivondronam-pokontanin'Anosibe an'ala, Faritanin'i Toamasina ao amin'ny faritra afovoany atsinanan'ny Nosy. Fivondronana kely ihany izy io fa eo amin'ny 64 582 eo monja no isan'ny mponina[1], ka ny 90% amin'izany dia Betsimisaraka avokoa. Mahatratra 2 660 km$^2$ ny velaran-taniny, izay saika rakotra ala araka ny anarany tany aloha, saingy efa ala solofony ihany, "20 % sisa tavela amin'izao fotoana izao noho ny tavy", hoy ny tompon'andraikitry ny rano sy ala eo an-toerana. Io fomba fambolena io mantsy no tena iveloman'ny olona, ka voalohany amin'izany ny vary, miampy ny katsaka, mangahazo, tsaramaso, voanjobory sy anana isan-tsokajiny, ary ny kafe sy ny toaka kosa no fampidiram-bola.

Faritra lonaka tokoa Anosibe an'ala, sady manana ireo hazoala sarobidy samihafa, mbamin'ny harena an-kibon'ny tany toy ny volamena, ka tokony hatanjaka amin'ny toe-karena. Indrindra, ny Sekoly sy ny Fiangonana dia efa niely tao nanomboka tamin'ny taon-jato faha-19. Saingy ny olana lehibe dia ny lalana : iray monja, mianavaratra mankany Moramanga (71 km), no ahafahana mamoaka ny vokatra. Nefa io lalan-tokana io indray dia tapaka matetika mandritra ny fotoam-pahavaratra noho ny haratsiany. Misy fiantraikany mihitsy izany eo amin'ny fivelaran'ny mahaolona ny olona.

---

1 - Fanisam-bahoaka 1989, Fivondronana Anosibe an'ala.

Teo anelanelan'ny 1987 sy 1991 no nanaovanay ity fanadihadiana momba ny fomba sy fanao ary ny fiaraha-monina ao Anosibe an'Ala ity. Ka fomba roa no nampiasaina teo amin'ny fikarohana : a) ny fanatrehana mivantana ny zava-nitranga tamin'ny tanàna maromaro, izay nisehoan'ny fahafatesana ; b) ny fanontaniana sy firesahana tamin'ny olona, indrindra ireo ray aman-dreny.

Mialoha ny tena fanadihadiana momba ny fananganana sy fanasinam-bato anefa, dia misy karazana olona roa manan-toerana miavaka tokoa eo amin'ny fiaraha-monina betsimisaraka, amin'ny fanatontosana ny fomban-drazana, ka ilaina ambara ety am-piandohana ny momba azy ireo.

## I - NY TANGALAMENA SY NY VAVANJAKA

### 1 - NY TANGALAMENA

Lehilahy efa zokiolona, manakaiky ny enim-polo taona eo na mihoatra ny tangalamena. Tsy ifandimbiasan' ny ray sy ny zanany akory izy io, fa tsongaina amin'ny olona mendri-kaja sy eken-teny eo amin'ny fiaraha-monina, mahay tsara ny fomba amam-panao sady mahafantatra ny toerana misy ny fasan'ny olona teo an-tanàna. Atao eo am-pivorian'ny mpiray tanàna ny fananganana azy. Izy no tompon'andraikitra amin'ny fomban-drazana rehetra, mpanelanelana ny olona amin'ny Zanahary sy ny Razana, ka tsy misy tanteraka raha tsy eo izy. Tsy azo lavina ny teniny. Ho marik'izany fahefana eo an-tanany izany dia manana tehina manokana izy, vita amin'ny hazo "hitsika"[1], tsy fahita firy, alaina any anaty ala lavitra any : mirefy eo amin'ny 1 m ny halavany ary 1 sm eo ny savaivony. Apetraka eo an-joron-trano avaratra atsinanana izy io andavanandro, ary tsy azo ikapohana olona na biby, fa amin'ny fomban-drazana ihany vao ampiasaina. Olona "masina" ny tangalamena ka tsy mahazo manozona sy miteny ratsy olona na koa manao fati-dra. Tsy omena zavatra manokana ho azy, tany na trano, sahala amin'ny any an-toeran-kafa (ny any atsimo atsinanana ohatra) anefa izy fa amin'ny vono omby ihany no mba tolorana ny "fadin-tsaotra" (ampahan-kena voafantina : taolan-tritry, sns). Manana lefitra izy izay azony irahina raha sendra tsy afaka ny tenany, ary afaka mijanona amin'ny asany koa izy rehefa osa loatra. Tsy manandro na mitsabo akory ny tangalamena... Ankehitriny dia mihamaro ny tangalamena tanora, ary misy tangalamena roa na telo na mihoatra aza ao anatin'ny tanàna iray noho ny tsy fifanarahan'ny fianakaviana.

### 2 - NY VAVANJAKA

Lehilahy ihany koa saingy tsy voafetra ny taonany (elanelan'ny 25-60 taona eo) ny vavanjaka. Solon-kabary koa no anarany : "mizaka = miteny". Koa izy dia fidiana amin'ireo olona malama vava sy mahay mandaha-teny ao an-

1- Hitsika na Heritsika : Hazomanga, lalomanga na hazomena amin'ny faritany hafa. *Weinmannia ruthembergii*, famille des *cunoniacées*"

tanàna. Mikabary amin'ny lanonan-drazana rehetra amoriam-bahoaka manko no anjarany, misolo vava ny be sy ny maro. Atao am-pahibemaso ny fananganana azy. Mahazo am-pahany amin'ny henan'ny omby vonoina amin'ny fomba koa izy, ary torahan'ny olona vola rehefa tena mahay, indrindra amin'ny "Toalaza" na famorana. Mitatra amin'ny fiainana andavanandro ny asany ankehitriny, ka mandray fitenenana koa izy raha sendra misy vahiny tonga eo an-tanàna na ny manam-pahefana isan-karazany.

Tamin'ny tanàna iray akaikin'Anosibe, dia nolazain'ny olona fa avy amin'ny taranaky ny lehilahy ny tangalamena, ary avy amin'ny taranaky ny vehivavy kosa ny vavanjaka. Toa maningana ihany anefa izany, fa tsy lalàna azo ampiharina amin'ny ankapobeny tsy akory.

Marihina àry fa samy manana ny tangalamenany sy ny vavanjakany avy ny isan-tanàna amin'izao fotoana iainantsika izao.

## II - NY FANANGANAM-BATO

Amin'ny fomban'ny Betsimisaraka ao amin'ny faritr'Anosibe an'ala, ny olona rehetra rehefa maty, na lahy (voafora) na vavy ka azo lazaina fa efa mahaleo tena (izany hoe manomboka amin'ny 6 taona no miakatra eo) dia ananganam-bato. Niavaka tsara tany am-piandohana, hoy ny mpitantara iray, ny fandevenana izay antsoina eto amin'ity faritra ity hoe "fanariana", sy ny fananganam-bato.

Ara-bakiteny tokoa ny hoe "ariana" eto, satria mihazakazaka madinika mihitsy rehefa mandevina. Vao tonga eo amin'ny fasana, dia atao izay hamohana an'io haingana. Atsofoka ao ny faty, dia hidiana sy totofana malaky koa. Miteny fohy ny tangalamena avy eo, miantso ny maty mba hipetraka tsara ao amin'ny toerana misy azy miaraka amin'ny havany. "Fa raha nisy namosavy anao kosa hoy izy, dia aza avela fa vinoy, ary aza miraraka anao raha tsy tonga akato koa izy !" (jereo ny lahateny feno any amin'ny farany). Vita izay dia mailamailaka ny olona rehetra miala eo amin'io toerana "ratsy" io, ka ny tangalamena no tsy maintsy mamarana izany fialana izany.

Nisy iray volana no elanelan'ny fanariana sy ny fananganam-bato fahiny. Koa raha nisy maty dia mamono omby ny tompo-manjo na hoe "tompon'aina" handofosana azy : zaraina manta amin'ny fokonolona sy ny vahiny tonga mamangy sady miandry faty eo ny hena. Ireto farany kosa amin'izay dia manolotra "vola ranomaso" ho an'ny tompo-manjo ; mandeha isan-dreniny izy ireo amin'izany. Dia tanterahina ny "fanariana" any - amin'ny toerana mihataka ny tanàna (1 na 2 nefa mety ho am-polony kilaometatra avy eo), sarodàlana matetika ary an-tampon-tendrombohitra. Tany nolavahana ihany ny fasana tamin'izany, "anonoka", norariana hazo ny sisiny, ka mirefy 2 m eo ny andavany, 1,50 ny ampohiny ary 3 m ny haabony. Ikambanan'ny mpiray tanàna

izay samy mpihavana avokoa io fasana io, saingy misaraka kosa ny an'ny lahy sy ny an'ny vavy.

Dimy ambin'ny folo andro aorian'ny fandevenana dia mivory ao amin'ny tranobe[1] ny fianakaviana tompo-manjo. Alohan'ny hidirany ao anefa dia tentenana tany ravo eo an-tokonam-baravarana ny handrin'ny tsirairay sy ny lohamaleminy. Fomba fanamarihana ny famelana ny alahelo sy fialana amin'ny fisaonana izany, ka mi-"ravoravo" ny olona.

Dimy ambin'ny folo andro aorian'izay indray kosa vao atao ny fananganam-bato. Alaina mialoha any anaty ala any ny vato hatsangana.

Tsy asaina tsy akory ny vato ary tsy voafetra amin'ny fomba hentitra ny velarany : 40 sm ka hatramin'ny 1m eo ny haavony ary 30 sm eo ny sakany na savaivony, ka kendrena mba tsy hanahirana ny fitondrana azy. Tsy mifankaiza ny an'ny lahy sy ny an'ny vavy, na dia manatombo kely aza ny an'ny olobe sasantsasany amin'irery voalohany. Alohan'ny hahatongavan'ny olona nantsoina, dia aankina eo amin'ny varavarana iray amin'ny tranobe io vato voafantina io, ary tandremana mba tsy hohitsahin'ny olona na hodikainy. Rehefa tafavory ao an-tranobe ny olona, dia ahantona eo an-dohamandry ambony atsinanana ny lamba kely tokony ho 50 sm noho 20 sm, ary mitomany ny fianakaviana mandritra ny alina mahatsiaro an'ilay maty. Nony maraina, entin'ny lehilahy havan'ny maty any amin' ny toerana hanorenana azy ny vato, arahin'ny vahoaka rehetra. Eny ambody manga matetika na eny ambody hasina indraindray, io toerana io, ary tsy mifanila amin'ny fasana fa amin'ny toeran-kafa tsy saro-dalana firy. Miaraka eo avokoa ny tsangambaton'ny mpihavana miray fasana : andaniny atsimo ny an'ny lehilahy, ankilany avaratra ny an'ny vehivavy. Hadiana ny lavaka, dia mandalo tsirairay eo ny fianakavian'ilay maty hananganam-bato, ka samy mandrotsaka vola izay tiany ao (vola vy ireny matetika : ariary ka hatramin'ny roapolo, nefa mety hisy ihany indraindray, ny manan-katao mandefa vola taratasy ariary zato, roanjato ariary na arivo ariary, ny manan-karena. Tsy misy fitenenana mihitsy amin'izany fa mangina fotsiny ary tsy mandray anjara amin'io ny vahiny. Vita izay, vao apetraka ny vato, totofana ny vodiny ambany, afatotra eo amin'ny lohany ilay lamba kely, dia "mijoro" ny tangalamena, miantso an'i Zanahary sy ny razana. Dia mirava ny olona avy eo. Izay vao tena mifarana tanteraka ny fisaonana.

Taty aoriana, noho ny fahatsapana ny fahasahiranana sy ny fandaniana be loatra na teo amin'ny fotoana na teo amin'ny vola, dia niova ny fomba ka nanjary nampifanarahana andro iray ny fandevenana sy ny fananganana ny vato. Mbola nitranga koa aza ambonin'izany ny hasim-bato mitokana fotsiny.

---

1- Ny tranobe dia trano eo anivon'ny tanàna natao ivorian'ny fianakaviana fotsiny fa tsy ipetrahana tsy akory.

## III - NY HASIM-BATO

Araka ny voalaza teo, ny hasim-bato dia endriky ny fitaran'ny fananganam-bato ihany. Ny aina moa tsy mifametra hoy ny fitenenana, mety ho tonga tampoka amin'ny fotoana tsy ampoizina ny fahafatesana ka mety tsy hanana omby na vola ihany koa ny velona. Noho izany, matetika tsy tratran'ny olona amin'ny fotoana ilana azy ny famonoana omby, ary fantany fa tsy ho vita ao anatin'ny volana vitsivitsy akory aza. Koa tontosaina avy hatrany ny fananganam-bato, ampiarahina amin'ny toaka fotsiny aloha. Volana maromaro aty aoriana, na an-taonany mihitsy aza vao amonoana omby hanasinam-bato, ka azo atambatra kosa amin'izay ny fanasinana ny vaton'olona vitsivitsy, nefa ny omby vonoina dia iray ihany. Natrehinay izany indray mandeha tao amin'ny tanàna kely iray. Olona telo no indray nasinim-bato : ny iray an'ny lahiantitra vao maty enim-bolana, ny faharoa an'ny vehivavy efa maty herintaona, ary ny farany an'ny zazavavy (12 taona) nalevina roa taona taloha ; fa tany amin'ny hafa kosa, dia vatona vehivavy lehibe roa. Na dia misy itovizana amin'ny fananganam-bato ihany aza ny fomban'ny hasim-bato dia azo asongadina ny mampiavaka azy.

Andro iray ihany raha ny tena marina no anatanterahana ny hasim-bato, nefa misy andro iray mialoha fidirana ary andro manaraka atao firavana. Fomba isan'ny an-kasoavana ny hasim-bato, na dia tsy azo ampitahaina amin'ny fotoan-dehibe toy ny "toalaza" na famorana sy ny "famahanana zaza folo" rehefa feno folo ny zanaka aman-jafy aza izy. Amin'ny toalaza manko, "koaka ambo" no atao hanasana ny olon-drehetra tsy ankanavaka hatramin'ny tanàna lavitra izay takatra antso, fa amin'ny hasim-bato kosa dia "tsonga antso" ho an'ny fianakaviana sy ny tanàna manodidina akaiky ihany.

Andro fady ny talata, alakamisy ary alahady amin'ny faritr'Anosibe An'ala. Koa raha manomboka alahady tolakandro ny koràna dia mifarana ny atalata. Efa ampandrenesina herinandro vitsivitsy mialoha izany ny mpianakavy, ka amin'ny andro voatondro, dia tonga ireo avy any an-tsaha sy ireo avy amin'ny tanàna manodidina manatitra "tso-drano" sy firariantsoa hahatontosa tsara ny fomba amin'ny tompon-draharaha, izany hoe ny zanaka aman-jafy, na vady na ray aman-drenin'ireo hasinim-bato (marihina fa mpihavana akaiky tokoa ireo). Vola no tena atolotr'izy ireo amin'izany, ariary 10 (io no marobe indrindra) ka hatramin'ny ariary 100, fa vitsy foana no manome zavatra, toy ny vary 3 kapoaka na toaka 1 litatra... Raha misy vahiny heverina fa manan-kaja (solontenam-panjakana, mpikaroka sns...) dia mivory ao an-tranon-dray aman-dreny ny tangalamena sy ny vavanjaka ary ny Filohan'ny Fokontany mandray azy. Ny vavanjaka ihany anefa no mamaly kabary voalohany misaotra ny vahiny. Rehefa izay vao miteny ny Filohan'ny Fokontany miarahaba ireo solontenan'ny Filoham-pirenena. Dia aroso ny toaka iaraha-misotro mba ho "fifanomezam-boninahitra", hoy ny olona. Koràna amin'ny hira sy dihy vako-drazana na vahiny no atao mandritra ny alina ka mandra-maraina.

Ny ampitso alatsinainy dia samy miomankomana ny olon-drehetra miakanjo tsara ka fotoana dimy no azo avoitra :

## 1 - NY FAMONJENA NY TOERAM-PANASINANA

Tokony ho amin'ny 10 ora no miainga ny filaharan'ny vahoaka tarihin'ny zatovolahy mpitendry zavamaneno. Ahitana karazany dimy ireo : sodina sy kaiamba vita tamin'ny volo, korintsana (kapoaka misy voanangigiza), ary dretra (karazana langoroana mirefy 35 sm ny savaivony) sy amponga (60 sm ny savaivony). Eo ivelan'ny tanàna no miandry ny omby hijoroana. Tsy voatery ho ombilahy sahala amin'ny toalaza io fa na ombivavy antitra aza azo atao, ary ny volony koa tsy voafetra fa izay tondroin'ny mpanandro ihany no ekena ("fasina" manjamanja no volon'ilay omby natrehinay teto). Savihana sy tolomin'ny tovolahy eny an-dalana ny omby, ny vehivavy kosa mampirisika sady mihira ny hoe :"Mahalalà mody"!...

## 2 - NY KABARY

Maka toerana ny mpanatrika rehetra : ny tangalamena roalahy eo an-tanàna mipetraka eo atsinanan'ny vodihazo, ny lehilahy eo avaratra andrefana mivory vetivety mandamin-draharaha, ary ny vehivavy sy ny ankizy eo atsimo mampirehitra afo hanokonam-bary avy hatrany, satria efa mitataovovonana ny andro. Rehefa mahazo toerana ny olona dia mitsangana ny vavanjaka tompon-tanàna mikabary. Vao mitsangana toa izany izy dia tentenana tany ravo ny mpanatrika tsirairay avy sady izarana toaka, mba hanamarihana ny fanombohan'ny raharaha eo amin'ny "tany masina", izay tsy azo itsakitsahina foana. Amin'ny mahakabary azy, dia miezaka ny vavanjaka mampihaingo ny zavatra ambarany amin'ny ohabolana, hainteny, ankamantatra mbamin'ny sarin-teny isan-karazany mba hisintonana ny fo sy ny sain'ny mpihaino, ka hahazoany fahafinaretana. Ny firafitry ny kabary kosa dia tsotra ihany :

- Alefa aloha ny tsiny fanalan'ny vava : "Aleo ariana ary Manambambana izy, hatelin'ny mamba, hohanin'ny voay...".

- Dia mandroso ny faṇazavana ny anton'ny lanonana : "hanasinana ny vaton'i...", mety ho iray, roa na telo sns. Ary ambara eo koa ny anaran'ny taranany tompon-draharaha.

- Lazaina am-pahibemaso fa nahazoana alalana tamin'ny Fanjakana ny famoriana olona sy famonoana omby fa tsy an-tsokosoko tsy akory ny raharaha.

- Faranana amin'ny zavatra atolotra dia ny toaka. Tsy ferana ny fisotroana, kanefa tsy azo atao ny mamo ka manakorontana ny fandriampahalemana. Izay mlady dia "ho voatady", izany hoe hafatotra ary hatolotra ny manampahefana. Misy tovolahy vitsy, telo na efatra, manotrona ny vavanjaka miteny, mihoraka sy mampirisika azy amin'ny lahateniny. Ifamaliana ny

kabary, ka raha vao mijanona ny tompon-tanàna, dia mitsangana mifandimby kosa ny vavanjaka vahiny tonga eo misaotra ny mpanasa. Mamonjy manatona azy sahala amin'ny tamin'iry voalohany koa ireo tovolahy telo mpampirisika, mihiaka sy manome toaka ny vavanjaka mba "handena ny vavany". Tsy maharitra firy fa ampahatelon-kadiny eo monja ny kabarin'ireo vavanjaka. Mitsangana manaraka izany kosa ny tangalamena mitsitsika.

### 3 - NY TSITSIKA

Ny fotoanan'ny tsitsika no azo lazaina fa fotoana masina indrindra amin'ny hasim-bato. Mitsangana eo aorian'ny omby ny tangalamena tompon-toerana. Mitodika miatsinanana koa izy, miala satroka ary mitana ny tehiny amin'ny tànana havanana. Ny ventin'ny tsitsika dia ny fiantsoana ny Zañahary sy ny razana avy any amin'ny toerana misy azy avy, na ny toerana misy ny fasana "Anô Zanahary añambo... Ary añareo razana, ry Anona... ary ananona...". Asaina tonga avokoa izy ireny handray ny fanatitra omen'ny taranany azy "Tongava andreo, ity ny omby !" sady mikapoka ny kibon'ilay omby amin'ny tehiny ny tangalamena amin'izay. Alefa tsirairay isaky ny toerana misy fasana ny antso, saingy faranana mandrakariva amin'ireo tena hasinim-bato "indrindra fa Ingahibe S... sy V... ary M...".

Mitohy amin'izany ny fangataham-pitahiana ho an'ny taranaka, ny zaza amam-behivavy mba ho salama sy finaritra, hitombo harena sy fananana... Tonga manatona ny tangalamena eo avokoa izay te-hampita hafatra any amin'ny razana. Ka misy ny mangataka famelan-keloka fa nanota fady nihinan-dambo ohatra ; misy ny te-hitera-dahy, sns... Taterin'ny tangalamena hatrany ireny hataka ireny "Ranona hono te... ka mba mangataka aminareo razana izy...".

Azo lazaina fa mitovy tanteraka (afa-tsy fiteny kely vitsivitsy monja) amin'ny Saotra amin'ny faritra tanala araka izay nahitanay azy ny tsitsika betsimisaraka eto[1].

Tsy misy fahanginana fa mitohy ny resaky ny olona sy ny fahandroam-bary, mandritra ny fitsitsihana izay mety haharitra adiny iray mahery. Eo ampifaranan'ny tsitsika, dia maka kely amin'ny volon-kandrin'ny omby sy ny trafony ny tangalamena atehiny amin'ny handriny. Dia manomboka ny famonoana omby.

### 4 - NY VONO OMBY SY NY RASA HENA

Ny tovolahy matanjaka no mamono ny omby ka ny vozony no tapahina voalohany. Ifandrombahana ny mananty ny ra amin'ny lovia, ary atendry ny

1- Jereo "Le saotra dans la société tanala" *Travaux et Documents*, 25, Musée d'Art et d'Archéologie, Antananarivo, 1987 : 113-136.

lelan'ireo izay nanota fady "nanao sandrana". Avy eo, manomboka ny fandrasana ny hena, ka alaina ny samantan-kena (sombiny kely avy amin'ny taova rehetra), tonga dia ahandroina. Asiana jabora eo ambonin'ireo vato hasinina manokana. Esorina koa ny hena voatokana ho an'ny tangalamena sy ny vavanjaka, raisina amin'ny lamosiny sy ny vody hena. Amin'ny ambin-kena tavela, ny roa ampahatelony mijanona amin'ny tompon-draharaha fa ny ampahatelony zaraina amin'ny fokonolona nandray anjara tamin'ny "adidy", dia ireo nanolotra fanomezana tany am-piandohana izany. Atao madinika ny didin-kena, atoko araka ny isan'ny tokantrano ary ampifanarahana amin'ny isan'olona ao anatiny ny toko tsirairay. Tsy vita vetivety ny fandrasana sy fizarana ny hena fa maharitra adiny roa mahery aza, ka nahatonga ny ohabolana hoe : "Rasa omby ny faty, samy mandiny (miandry) ny anjarany". Koa eo am-piandrasana azy dia mandeha tsy an-kijanona ny dihy miaraka amin'ny zava-maneno sy ny fisotroana.

## 5 - NY SAKAFO

Rehefa masaka ny nahandro dia akana ny samantan-kena tao am-bilany, rohizana tady kely ary apetraka eo ambony ravin-dongoza iray mihohoka. Angalana koa ny ambonin'ny vary nahandroina teo, atao amin'ny ravin-dongoza iray hafa, dia ampiarahina amin'iry voalohany. Raisin'ny tangalamena ireo ka akariny eo ambony rantsan'ilay manga. Miala satroka indray izy, mitodika miatsinanana ary mitsitsika miantso ny razana mba hihinana ireo anjara sakafony antsoina hoe "toa-masaka" ireo.

Raha efa ny anjaran'ny razana, dia mandroso kosa ny sakafon'ny velona, "tsemboka" no anarany. Mandeha amin'ny ambaratongan'ny fiarahamonina izany, ka omena voalohany ny tangalamena. Manaraka azy ireo, ny zokiolona sy ny vahiny manan-kaja ary ny vavanjaka, miara-mihinana amin'ny lovia sy sotro. Mandimby izany ny lehilahy, dia ny vehivavy sy ny ankizy izay samy mihinana amin'ny ravin-dongoza namboarina. Tsy dia hanina betsaka mahavoky akory ny "tsemboka", fa ny fiaraha-misakafo fotsiny ihany ho mariky ny firaisan'ny mpianakavy.

## 6 - NY FIZARAN-KENA SY NY FAMARANANA

Efa tolaka ny andro, mihoatra ny amin'ny 4 ora vao tapitra misakafo ny rehetra. Atao amin'izay ny fizarana ny tokon'ny hena araka ny isan'ny olona isan-tokantrano voalaza tery aloha. Izay mahazo ny anjarany, tonga dia mandeha mody any an-tanàna. Fa ny tangalamena no mamarana ny lanonana amin'ny fanipazana jabora ao anaty vainafo. Midofaka iny, mamoaka fofona izay ambaran'ny olona fa, mampandositra ny maty tsy hanarakaraka ny velona any an-tanàna, satria efa misaraka ny "fiainana" ka tokony samy hamonjy ny misy azy avy.

Sahala amin'izay raha tantaraina tsotra ny fomba fanatanterahan'ny Betsimisaraka anatin'ny faritr'Anosibe an'ala ny fananganam-bato sy indrindra ny hasim-bato. Endrika isehoany ety ivelany izay. Tsy ataotao foana andaniana andro na fialam-boly velively anefa ireny fomban-drazana ireny fa misy dikany lehibe : mirakitra finoana lalina izy ireny, maneho fijery an'izao tontolo izao ary manome lanja sy mandamina ny fiainam-piaraha-monin'ny velona. Koa hoezahina hotsoahina izay azo hambara avy amin'ireo fomba ireo momba ny foko Betsimisaraka sy ny Malagasy amin'ny ankapobeny.

## IV - TSOA-KEVITRA

### 1 - NY OLOMBELONA AORIAN'NY FAHAFATESANA

Olana mampieritreritra sady mampitaintaina ny olombelona na ny mpandinika na ny olon-tsotra, hatrany am-piandohany ka hatramin'izao ny fahafatesana. Saro-bahana anefa izy io satria mikasika ny tsy fantatra sy ny tsy hita, ka tsy hain'ny saina mandanjalanja vahana. Hany herin'ny olombelona, samy miezaka mampisy heviny ny fahafatesana mba handresena ny tahotra sy fangitakitahana aterany. Isan'izany eto ny fananganana vato ho an'ny maty. Ny anton'ny anaovana azy hoy ny mponina teny an-toerana dia ny "hanorenana ny hamorian'ny maty". Lasa mivenjivenjy foana, tsy manana fototra ifaharany ny fanahin'ilay maty, hoy ry zareo, ary na dia ny fitaovana ampiasainy andavanandro aza dia tsy misy fa manjary mindrana foana izy, raha tsy mba ananganam-bato toy ny fanao, ka ametrahana vola, lovia sns... eny amin'ny vatony. "Natao hitoeran'ny fanahin'ny maty ny tsangambato", hoy Raharijaona Suzanne[1].

Azo tsoahina amin'izany fa tsy manaiky ny fifaranan'ny fiainana eo amin'ny fahafatesana ny Malagasy manangam-bato. Nofidiana ny vato satria mifanahaka amin'ny bikan'olombelona "lavalava boribory", fa indrindra akora mafy sy mateza tsy resin'ny hainandro sy ny orana izy, izany hoe sarin'ny fitohizan'ny fiainana sy ny faharetany farany izay ela takatry ny saina. Ankoatra izao hita maso izao, dia mino ny olona fa misy fiainana tsy hita izay mitovitovy amin'iry voalohany ihany ny fombafomba sy ny rafitra ao : misy ny lehilahy sy ny vehivavy, hajaina ny ray aman-dreny zokiolona, ary mbola miaraka monina ny mpihavana ka samy manana ny fitaovam-piasany eo amin'ny "fivelomana". Mbola mihinan-kanina ihany koa mantsy "any" na dia toa hoe hamoria na hamorea aza sisa. Io voambolana hamoria io moa dia tsy mifanalavitra amin'ny hoe "ambiroa" amin'ny faritra hafa (afovoany sy atsimo) ny fiforonany. Nisy fifamadiam-peo fotsiny teo amin'ny "i" sy "o" hamoria, na fifanahafam-peo, "moroa" amin'ny toerana sasany.

---

1- *"Si donc la fonction du tombeau est de contenir le corps, celle de la pierre levée constitue à être le support de l'esprit du mort. La pierre levée constitue l'asile assignée à l'esprit pour l'empêcher d'errer"*. Raharijaona Suzanne, "Les pierres levées à Madagascar", *Revue de Madagascar*, Nouvelle Série, N° 20 : 18.

Mbola mitoetra "hatrany" ny olom-pady, hany ka tsy ampiraisina fasana mihitsy ny lahy sy ny vavy, fa tsy maintsy misaraka. Ary na dia efa manao fasam-bato ambony tany tahaka ny any Imerina aza ny olona ankehitriny, dia misy efitra roa ihany ao anatiny : ny ilany ho an'ny lehilahy, ny ilany ho an'ny vehivavy.

Heverin'ny Malagasy fa ny olombelona dia tsy ity vatana hita maso sy azo tsapain-tanana ity ihany, fa misy izay tena maha izy azy, hery tsy hita ao anatiny dia ny "fanahy". Io no mibaiko ny toetra sy fitondran-tena eo amin'ny fiarahamonina. Toa tsy ampiasaina intsony amin'ny fitenenana anefa io "fanahy" io ilazana ilay hery ankoatra ny vatana rehefa maty ny olona, fa soloina voambolana hafa izay tsy tena mitovy hevitra tanteraka ihany koa araka ny hafitsony amin'ny velona na tsara na ratsy, toy ny avelo mamelona, na ny angatra mamono. Miavaka amin'ireo kosa ny ambiroa fa mandray roa. "Manana hevitra telo, hoy Ravelojaona ny ambiroa : 1. ny aina ao amin'ny zava-maniry, biby, olona ; 2. ny fanahy ao amin'ny olona raha mbola velona izy ; 3. ny fanahin'ny maty, efa tafasaraka amin'ny vatana atao hoe angatra, avelo, dindo, matoatoa,. Be, lolo, aloka, fahasivy"[1].

Hamafisin-dRajemisa Raolison koa izany ao amin'ny Rakibolana nataony : "karazana fanahy ambinambiny araka ny finoan'ny Ntaolo, toy ny avelo, saingy maharitra aorian'ny fahafatesana kosa..."[2].

Tsy mandeha monina lavitra akory ny ambiroa rehefa maty ny olona fa mijanona amin'ny manodidina ny fasana eny ihany, ka any izy no antsoina rehefa misy ilana azy. Ary mbola samy manana ny maha izy azy avy ny "any", ka azo antsoina amin'ny anarany ny ambiroa tsirairay fa tsy mitambabe fotsiny araka ny fahitan'i M. Bloch[3] azy raha nandinika ny famadihana teto Imerina izy tsy akory.

2 - NY FIFANDRAISAN'NY VELONA SY NY MATY

Tsikaritra tetsy ambony fa vanim-potoana iray lehibe eo amin'ny fiainana ny fahafatesana, satria izy no dingana iampitana avy eo amin'ny tontolon'ny velona mankany amin'ny tontolon'ny maty misy ny hamoria tsy hita maso. Misaraka tanteraka ireo tontolo ireo ary ataon'ny velona izay tsy hisian'ny tetezana mampitohy azy roa mihitsy. Tsy tian'ny olombelona manko ny hiverenan'ny maty aty amin'ny fiainan'ny velona indray, nefa efa tsy isan'ny

1- RAVELOJAONA , 1937- *Firaketana ny zavatra sy ny teny malagasy.*

2- RAJEMISA-RAOLISON Régis, 1985- *Rakibolana Malagasy,* Fianarantsoa.

3- "... the appeal is to the *ambiroa* of the ancestors, it is interesting to note that apparently no appeal is made to any ancestor in particular, but to all of them... The *ambiroa* are an impersonnal group". BLOCH Maurice, 1971- *Placing the dead,* Seminar Press London, p. 126.

namany mitovy toetra (na tena) aminy intsony tsinona. Hita izany amin'ny fisian'ny hoàka, izay varavarana iray (eo atsinanana matetika) mifanohitra amin'ny varavarana fidirana sy fivoahana isan'andro amin'ny trano betsimisaraka ao Anosibe an'ala, ka rehefa misy maty ihany sy amin'ny famorana vao mivoaka amin'io hoàka io. Voaporofo koa izany fampisarahana izany, amin'ny fametrahana ny fasana any amin'ny toerana lavitra ny tanàna ary saro-dalana mba tsy hisian'ny fifamezivezena, ka fadian'ny olona tanteraka ny fanatonana eny, ankoatra ny fandevenana. Ary farany, amin'ny hasim-bato aza, dia andoroana jabora ny toeram-panasinana mba hampidofaka fofona maimbo, izay inoana fa hampandositra ny ambiroa na ny fanahy tsy misy vatan'ny maty, ka tsy hanarakarahany ny velona any amin'ny fonenany intsony, araka ny fitenenana hoe "manangatra" na "arahin-dolo"...

Raha fehezina dia iatahan'ny velona ny maty, satria atahorany sao mampijaly na "maka" azy, izany hoe manapitra ny fiainany eto ambonin'ny tany. Andaharan-teny mivantana mihitsy io fisarahan'ny velona sy ny maty io amin'ny foko sasany toy ny Tsimihety[1].

Eo ankilan'izay koa anefa, atahorana ny maty noho ny finoana fa "lasan-ko razana" izy ka manana hery manokana izay azony ampiharina amin'ny velona. Azo ampiarahina ny tontolo anankiroa, nefa amin'ny fotoana voafetra mazava ihany, dia amin'ny fomba amam-panao amonoana omby itsitsihana. Antsoina ny razana rehetra amin'ireny fotoana ireny (toalaza, famahanana zaza folo, fidirana an-drano...) mba hiaraka hifaly, hikorana sy hisakafo miaraka amin'ny velona. Ary dia iresahana izy amin'izay : angatahana fitahiana sy fahasoavana ho an'izay manatrika indrindra fa ny taranany. Tsy afaka mitalaho mivantana amin'ny razana anefa ny olon-drehetra fa amin'ny alalan'ny tangalamena ihany, izay toy ny teteza-mita amin'ny roa tonta.

Na dia manana hery mahatahotra aza izany ny razana, dia afaka miaro tena aminy ny olona ary miala aminy mihitsy aza amin'ny lafiny sasany. Koa toa voafetra ihany ny tena fahefan'ny razana eo amin'ny fiainana andavanandro.

## 3 - NY FOMBA SY NY FIARAHAMONINA

Araka ny fanadihadiana natao, dia sahala amin'izao no teti-bidin'ny zavatra lanin'ny mpikarakara ny hasim-bato natrehinay indray mandeha tamin'ny toerana iray (taona 1987).

---

1- *"O R... (Nom du disparu), tu es mort dans un pays éloigné et ton cadavre est perdu ou dévoré par les bêtes. Alors nous dressons à ta mémoire un* tsangambato. *Mais ne rends plus tes parents malades. Fais ce que font les autres morts comme toi. Désormais nous ne serons plus parents, ne viens jamais chez nous et ne te montre pas à nous en songe".* RAHARIJAONA Suzanne, p. 23.

- omby iray mitentina 26 000 ariary

- toaka 50 litatra amin'ny ariary zato ny litatra = 5 000 ariary

- fotsimbary 90 kg namahanana ny vahiny (olona 60 eo) tao an-tanàna ka indimy mihinana vary maina, ary 60 ariary ny kilao = 5 400 ariary.

Fitambaran'ireo : 36 400 ariary

Ambonin'izay ny kafe sy ny fary anamamiana azy, izay heverin'ny olona fa ao anatin'ny fandaniany andavanandro ihany ka tsy isainy.

Ny vola niditra avy tamin'ny tso-drano natolotry ny nasaina kosa dia tsy nahatratra afa-tsy 3 640 ariary monja, miampy vary 5 kg sy toaka 6 litatra.

Rehefa ampifanalana ny fitambaran'ny niditra sy nivoaka, dia hita fa manakaiky ny 32 700 ariary ny vola lanin'ny tompon-draharaha nandritra ny roa andro sy roa alin' ny hasim-bato. Azo lazaina fa vola be tokoa izany no very raha ny lafiny toekarena fotsiny no jerena. Marihina fa tsy nisy novidiana vola akory na ny omby na ny vary na ny toaka, fa fananana teo an-tanàna sy namboarina teo an-toerana avokoa ireo. Tsy azo adinoina eo andanin'izany fandaniam-pananana izany ny herin-tsaina sy herim-batana, mbamin'ny fotoana nampiasaina hatramin'ny volana maromaro nanombohana ny fanomanana rehetra.

Tsy ny lafiny toekarena ihany anefa no maha-olona, fa eo indrindra koa ny lafiny hafa ara-piarahamonina, maha nofo, saina sy fanahy izay tena mavesa-danja tokoa eo amin'ny tontolo ambanivohitra. Koa tsy mahatsiaro tena ho maty antoka velively ny olona fa mahazo tombony aza amin'ny lafiny maro.

Isan'ny tombontsoa voalohany ny fahafinaretana amin'ny mahaolona nofo sy ra. Lanonana sy korana ifalifaliana ny hasim-bato, fialana voly amin'ny asa fambolena foto-pivelomana andavanandro. Ary izany no mandresy ny harerahana vokatry ny saika tsy fatoriana mandritra ny indroa alina misesy. Ny fomba toy itony koa no mba ihinanan'ny olona hena, ary amin'ny Jolay sy mandritra ny Aogosotra aorian'ny fiakaran'ny vary indrindra no anaovana azy mandrakariva. Manampy izany firavoravoana ara-batana izany ny fifaliana anaty noho ny fahatsiarovan-tena ho nahavita adidy tamin'ny razana sy ny mpiara-monina. Toe-javatra roa mifampiankina ireo amin'ny tontolo ambanivohitra malagasy rehetra, satria miorina amin'ny razana ny toerana ao amin'ny fiarahamonina, miantehitra amin'ny maha-taranaky Ranona sy Ranona ny fanajan'ny mpiara-belona ny olona tsirairay. Koa ny fanasinam-bato no anehoana fa manana razana ny tena, sady mijoro manome voninahitra azy amin'ny fanatanterahana ny fomban-drazana. Noho izany, tombony roa no antenain'ny olona amin'ny hasim-bato : andaniny, hahazo dera sy fankasitrahana avy amin'ny mpiara-monina nasaina hikorana sy hisakafo ; ankilany kosa handray ny fitahiana sy fahasoavana avy amin'ny razana

nokarakaraina, hambomba sy hanampy amin'ny fivelomana, ny fahasalamana, ny fananan-janaka maro, ny filaminan-tsaina sns.

Ary farany, tsy azo odian-tsy hita ny momba ny hasim-bato sy ny fombandrazana amin'ny ankapobeny, fanamafisana sy ny fampaharetana ny rafitra nentim-paharazana. Natsidika teo aloha fa ny razany no manome lanja ny olona tsirairay eo amin'ny fiaraha-monina. Izany finoana sy fanajana ny razana izany dia manome lanja manokana ny olona mifampikasoka aminy mivantana, ny tangalamena. Tsy manana tombony amin'ny harena tsapain-tanana toy ny tany sy trano ny tangalamena, nefa tompom-pahefana kosa izy eo amin'ny fitondrana ny tanàna sy ny asa iarahan'ny fokonolona. Afaka mandà ny fanapahan-kevitry ny fianakaviana iray na ny loholon'ny tanàna izy raha hitany na heveriny fa mifanohitra amin'ny fomban'ny razana ny hevitra nolaniana. Izany no antony anatrehan'ny tangalamena hatrany ny fivorian-dehibe. Mitohy amin'izany filolohavana ny tangalamena izany koa ny fankatoavana ny zoky ray amandreny. Ireo razana taloha mantsy, tsy inona akory fa ireo olona efa ela niainana ihany, ka inoana fa manam-pahalalana sy fahendrena lalina mihoatra lavitra ny zandry sy zanaka aty aoriana. Ary izay fisainana izay no manome hasina ny zoky ray aman-dreny mbola velona koa, mitsinjara ny fiaraha-monina ho ambaratonga araka ny taona sady ho lehilahy sy vehivavy... Mifanindrandalana amin'izany fisainana izany koa ny fanomezan-toerana ny vavanjaka. Manana ny hasiny sy ny lanjany tokoa ny teny amin'ny fiaraha-monina nentim-paharazana satria, ambonin'ny maha fomba fampitan-kevitra sy fifanakalozam-pahalalana azy izay manamafy ny fifandraisana sy ny fihavanan'ny mpiara-belona, dia fampitana baiko izy sy firesahana amin'ireo "hery tsy hita" lehibe dia i Zanahary sy ny razana. Noho izany, isan'ny fitaovana mahery vaika eo an-tanan'izay afaka mampiasa azy ny teny, ahafahany mampihatra ny fahefany. Tsy ny olon-drehetra no tompon'ny teny eo amin'ny fiaraha-monina fa olom-bitsy voafantina, dia ireo mitantana ny fiaraha-monina ihany koa, ka iray amin'ireny ny vavanjaka mpandaha-teny sy mpikabary.

**FEHINY**

Sahala amin'izay raha bangoina no fijery ny anjara toerana sy ny lanjan'ny fomba ao amin'ny tontolo nentim-paharazana. Ny fiaraha-monina anefa eo anatrehan'izany dia mihetsika mandrakariva, tsy mitsaha-miova noho ny hery avy ao anatiny sy ny toe-javatra miditra avy any ivelany. Avy ao anatiny, ny olombelona dia mitombo isa andro aman'alina, miasa amin'ny herin'ny tenany sy amin'ny herin'ny sainy, ka miteraka toe-javatra vaovao hatrany mampivoatra ny fivelomana, sy ny fifampitondrana eo amin'ny fiarahana miaina ary koa ny fisainana. Làlan'ny maha olona ny fiezahana hihoatra ny namany foana.

Avy aty ivelany kosa, misy toe-javatra vitsivitsy mitarika fiovana tsy azo ialana eo amin'ireo ambaratonga telon'ny fiaraha-monina. Eo amin'ny famokarana ohatra, efa mivelatra izao ny fambolena vary amin'ny lemaka,

manosika ny vary an-tavy fanaon'ny mponina hatramin'izay. Izany anefa dia mitaky haitao vaovao, sahala amin'ny voly kafe koa. Manintona ny olona ireo fomba vaovao ireo satria mamokatra tombony betsaka izay azo amidy ary ahazoana vola hampiasaina amin'ny zavatra hafa (kojakoja andavanandro ao an-tokantrano, saram-pianaran'ny ankizy, sns...). Midika izany fa tsy mianona amin'ny fianakaviam-be sy ny fanao taloha intsony ny olona, fa miova ny toe-tsainy ka mitady hivoaka any ivelany, hampivelatra ny tenany manokana sy ny ankohonany.

Isan'ny manova ny fisainana indrindra koa ny Sekoly sy ny Fiangonana (fivavahana kristianina) izay efa tena mahazo vahana eo amin'ny fiarahamonina. Ny Sekoly dia mampiditra ny soratra izay ahafahana manovo fahaizana amam-pahalalana ivelan'ny ampianarin'ny ray aman-dreny sy ny fahazarana taloha. Manamafy ny fahatokisan-tena sy fianteherana amin'ny herin'ny tena izany, ka manamaivana kosa ny lanjan'ireo noheverina fa tompon'ny fahalalana sy ny fahendrena hatramin'izay, ary mampihena ny fanajana sy fankatoavana azy... Tsy latsak'izany koa ny asan'ny Fiangonana izay manohitra ilay finoana ny razana niorenan'ny rafitry ny fiarahamonina hatramin'izay, ka manozongozona ny lamina efa nipetraka. Ary manampy izany ireo fitaovana haino aman-jery mampita vaovao sy fomba fiainan'olon-kafa ivelan'ny hita maso, toy ny fampielezam-peo sy ny sarimihetsika, ny *vidéo* izay mandeha isan'andro ary dia manintona ny zatovo sy ny tanora tokoa.

Mazava amin'izany fa misy fifandonana lehibe eo amin'ny fanabeazana (amin'ny heviny malalaka tokoa) ny olona ao anivon'ny fiarahamonina. Mifanohitra ny kolontsaina roa mihatra amin'ny mponina. Ny avy ao anatiny mitaiza azy amin'ny fihavanana mampiray ny fianakaviam-be, ny fitondran'ny zoky ray aman-dreny sy ny fomba nahazatra. Ny faharoa avy any ivelany kosa manokatra ny saina amin'ny fahalalana hafa mampitodika amin'ny tena samy irery, mitarika amin'ny rafi-pitondrana vaovao tantanan'ny Fokontany ary manome fivelomana fehezin'ny vola, ka manapotika iry voalohany.

Miteraka adin-tsaina saro-bahana eo amin'ny olona izany fifandonana izany. Toa mahery vaika anefa ity faharoa, tsy voatohitra ka mahatonga ny mpandinika sasany sahala amin'i G. Althabe[1] hilaza fa, ny firoboroboan'ireny fomban-drazana ireny dia tsy inona akory fa, endriky ny fanoheran'ny olona ny zava-baovao amin'ny fiainana andavanandro izay mangeja azy tsy ahafahany mihoitra.

Rehefa dinihina kosa anefa ankehitriny, dia hita fa misy ezaka ataon'ny Malagasy hifehezany ny fivoaran'ny fiarahamonina ka tsy ho safotry ny zava-misy iainany. Tsikaritra izany eo amin'ny lafiny maro, fa ohatra iray no hasongadina. Raha nisy maty teo an-tanàna tamin'ny fotoana nandalovanay, dia niady hevitra mafy ny fianakaviana tompo-manjo, izay efa nandray tanteraka ny fivavahana kristianina, ny amin'ny hananganam-bato na tsia. Nandà ny

1- ALTHABE Gérard, 1969- *Oppression et libération dans l'imaginaire,* Paris

hanaovana izany ny maro, saingy nanizingizina kosa ny olon-dehibe vitsivitsy fa tokony hamono omby ho zaraina amin'ny fokonolona, ary tsy itsitsihina akory izany omby izany. Niolankolana ihany ny sasany teo am-boalohany nefa resy lahatra tamin'ny farany ka nanaiky fa fanomezam-boninahitra ny mpiara-monina izany sady fitandroana ny fihavanana.

Mampiseho ny maha-Malagasy ny Malagasy ny fomban-drazana, ka zava-dehibe ny fanatanterahana azy fa mampahatsiaro tena ho manana ny maha-izy azy eo anivon'ny firenen-kafa. Takian'ny fampivoaram-pirenena ankehitriny indrindra koa ny firaisan-kina mba handresena ny fahantrana. Noho izany, ilaina ny fandalinana ireny fomban-drazana ireny amin'ny fijery vaovao avy ato anatin'ny firenena, ka mba tsy ho vato misakana izy amin'izany fa ho fanoitra kosa amin'ny fampandrosoana.

Lahateny :

## TSITSIKA FANDEVENANA SY FANANGANAM-BATO

Amin'ny fandevenana na "fañariana", rehefa mihidy ny varangarana sady voatototra dia maka hazokely roa (tahon'ampanga) ny tangalamena mitsitsika. Akapony amin'ny varavarana ny voalohany, manisa enina izy :

- "Reiky, roe, telo, efatra, dimy, enina !
  Enin-kasy enin-kavilomana
  Ho tsara be tsisy raha hañano ny olona rehetra
  tonga tsy nizaha maso anay fa niaraka nañotrona
  tamin'ny fahoriana nahazo, fa nanampy anay nandevi-maty.
  Ka raha misy zavatra angatahina, toroy ny soa, toroy ny tsara !
  Zany raha firarazan'olona".

Dia avelany atsinanana ny hazo iray.

Manisa fito indray izy :
- "Reiky, roa, telo, efatra, dimy, enina, fito !

Fito atina mpamosavy, ka raha misy olona aman'izany iny ka namosavy anao, ka nañome poizina na fanafody ratsy, ka nahafaty anao tafiditra akato amin'ny mizina, dia aza avela fa vinoy ary aza miraraka anao raha tsy tonga akato koa izy. Karahan'izany misy olona mankahala ka nanao halako volo tsy tiako tarehy. Ka tsy mikendry raha hahaveloña fa hamosavy, indrindra fa hamono madiniky, hamono maventy, dia matesa izy, manaraha i masoandro mody iny izy !".

Dia atsipiny miankandrefana koa ny hazo iray ary, dia mirava haingana ny olona.

Amin'ny fananganam-bato dia apetraky ny tangalamena eo ambonin'ny vato ny tanany, ka hoy izy :

- "E ry Ano...ity ny vatonao, ity ny hamorianao, ka raha misy olona tonga aketo ka mangataka tso-drano tsara, indrindra fa manatitra toaka eto amin'ny vatonao, dia omeo hono izy fa zany hono fa raha firarazan'olona.

Fa tsy izany koza engany aketo amin'ny vatonao aketo ka tsy hitady zavatra hivilomana ny diany, fa hiaraña kakazo ratsy hamosaviana oloña, indrindra fa hanaperana oloña, dia aereno amanazy iny ratsy iny ka vonoy izy fa aza avela veloña".

Alohan'ny firarazana 'reo moa dia manisa karaha ny fañariana eo ambony koa ny tangalamena.

Rakotozandry Thomas - 32 taona
Androrangavola

## BOKY NANOVOZAN-KEVITRA


ALTHABE, Gérard, 1969- *Oppression et libération dans l'imaginaire. Les communautés villageoises des côtes orientales de Madagascar*, Paris.

AUJAS, Lucien. 1907- *Essai sur l'Histoire et les Coutumes des Betsimisaraka*, Ed. F.R de Rudeval Paris.

BLOCH, Maurice, 1971- *Placing the dead. Tombs, Ancestral Villages, ana Kinship Organization in Madagascar*, Seminar Press, London.

FIVONDRONAMPOKONTANY Anosibe An'ala, *Statistique de la population : recensement 1989*.

LAHADY, Pascal, 1979- *Le culte betsimisaraka et son système symbolique*, Librairie Ambozontany, Fianarantsoa.

LAIMIJAY Joël (Rév.), 1961- *Ny ohabolana betsimisaraka sy ny heviny marina*, Imprimerie Iarivo, Antananarivo.

RAHARIJAONA Suzanne, 1962- Les pierres levées à Madagascar, *Revue de Madagascar*, Nouvelle série, 20. Service de l'Information, Tananarive, pp. 17-30.

RAJEMISA RAOLISON Régis, 1985- *Rakibolana Malagasy*, Librairie Ambozontany, Fianarantsoa.

RAVELOJAONA, 1937- *Firaketana ny zavatra sy ny teny malagasy*. Antananarivo.

RAZAFIARIVONY, Michel, 1983- *Harivolana sy fanabeazana ao amin'ny fiarahamonina ambanivohitra masikoro*, Mémoire de maîtrise en sociologie, EESDEGS, Antananarivo.

RAZAFIARIVONY, Michel, 1985- Le *Savatsy* dans la société Masikoro actuelle, *Cahiers Ethnologiques : Ancêtres et Société à Madagascar*, Nouvelle série, 6, Université de Bordeaux II, pp. 16-23.

RAZAFIARIVONY, Michel, 1987- Le Saotra dans la société Tanala, *Travaux et Documents, Le Tanala, la forêt et le tavy*, 25, Musée d'Art et d'Archéologie, Antananarivo, pp. 113-136.

ROBERT, Samson, 1965- *Ohabolana betsimisaraka*, Imprimerie Tamatavienne, Tamatave.

THIERRY, Solange.- Sacrifices de bœufs et expressions rituelles dans les pays de l'Océan Indien, *B.A.M.*, T. XXXV, pp. 109-114.